## ANDRON FAHA- 4

# NY FITIAVANTENA SY NY FAHOTANA

<u>**Andinin- tSoratra Masina ho tadidiana**</u>**: «** Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa,
Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; » Fil 2: 5-7

**Fanontaniana fototra**

1. Inona izany hoe fitiavantena ?
2. Taiza no niandohan'ny fitiavantena sy fahotana?
3. Raha nitady hisandratra ho ambonin'Andriamanitra Satana, inona no toe-tsaina nasehon' i Jesosy teo anatrehan'izao rehetra izao?

**Vakiteny fanampiny**: *Fitsipiky ny fiainana* - Fahaleovantena Fitiavan-tena

Agamba ho hitantsika fa sarotra ny hahatakatra, fa ny fitiavan-tena sy ny fahotana dia efa nanomboka tany an-danitra -Losifera, safidy manokana avy amin'Andriamanitra hanarona ny kerobima, nanomboka ny ota rehetra.

1. Mba hahitana izay nahatonga an'I Losifera hanota, dia vakio ny Isaia 14: 13 sy 17 ary fenoy ity: "Ary ianao efa nanao anakampo hoe: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; Dia hipetraka eo an-tendrombohitra; fivoriana any am-parany avaratra aho; Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra" (Isaia 14: 13, 14)

2. Lazaina matetika amintsika fa tokony hitovy bebe kokoa amin'i Jesosy, hitovy bebe kokoa amin'Andriamanitra. Nefa fahotana ho an' i Losifera ny mba te ho tahaka ny Avo Indrindra." Rehefa mamaky ny Ezek. 28: 16, 17, fantaro ny antony nahatonga ny fanirian'I Losifera ho fahotana: .
"Noho ny habetsahan'ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota ianao; Ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin'ny tendrombohitr'Andriamanitra ianao, Ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin'ny vato mirehitra. Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao; Efa nahasimba ny fahendrenao mbamin'ny famirapiratanao ianao; Nazerako eny an-tany ianao sady natolotro ho fitalanjonan'ireo mpanjaka" (Ez. 28: 16, 17).

"Ny zavatra atao rehetra dia hotsaraina araka ny antony izay manosika hanao azy". Ny antony izay nanosika an'I Satana dia ny fitiavan-tena. Nametraka ny tenany ho ambony noho Andriamanitra; Nametraka ny "izaho" ho lohalaharana izy ary ny fitiavan-tenany sy ny avonavony dia nitarika azy amin'ny ota - -, sy ady lehibe tany an-danitra.

3. Apokalypsy. 12: 7-9 hoe: "Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady,
8 nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra.
9 Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy”. Fantatr'Andriamanitra fa handeha hanandrana hamboly ny voan'ny fikomiana eto an-tany i Satana. Noho izany dia efa nampitandrina an'i Adama sy Eva Izy, rehefa nilaza tamin'izy ireo mazava Izy " Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao." (Gen. 2: 16-17)

4. Andriamanitra dia nanome avy hatrany, ny olombelona ny fahafahana misafidy hatrany am-piandohana. Namorona antsika Izy niaraka tamin’ny fahafahana mieritreritra sy manao ary misafidy. Dia toy izany ny tao amin'ny Sahan'i Edena, ary toy izany koa amin'izao andro izao.

Na dia efa nampitandrina an'i Adama sy Eva aza Andriamanitra, inona no safidy mampalahelo nataony? Vakio ny Gen. 3: 1-6; avy eo dia farito ny zavatra nataony.
Alohan'ny nihinanan’ i Adama sy Eva ny voankazo voarara, dia tsy nahafantatra na inona na inona ny amin’ny fitiavan-tena sy ny fahotana izy ireo. Raha mbola nitoetra teo akaikin'Andriamanitra sy nanao loha laharana Azy izy ireo, dia niaina ampilaminana soa aman-tsara. Fa rehefa nitsahatra ny hino sy hatoky an'Andriamanitra, ka nametraka ny faniriany manokana ho ambony nohon’ny an’Andriamanitra, dia latsaka tao anatin’ny fandriky ny fitiavan-tenan'i Satana. Rehefa mametraka ny safidintsika manokana alohan’ny safidin’Andriamanitra ho antsika isika, dia lasa tia tena sy mpanota isika.

Ny fitiavan-tena dia manimba ny fitoviana amin'i Kristy ... Tsy misy mihisy zavatra manimba amin’ny fomba haingana ny fiainana ara-panahy ankoatra ny fampitambaranafy fitiavan-tena sy ny fikolokolona ny tena irery ihany.

5. Rehefa nanota i Adama sy Eva dia nampanantena Mpamonjy ho azy ireo Andriamanitra, izay handresy ny fahotana sy ny fitiavan-tena. Nohon’ny haben’ny fitiavany dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany mba hamonjy izao tontolo izao. Nifanandrina teo amin'ny hazo fijalian'i Kalvary ny fitiavana sy ny fitiavan-tena.

6. Jodasy, iray amin'ireo mpianatr'i Kristy ihany, dia nanimba ny tenany tamin'ny namelany ny fitiavan-karena sy fitiavan-tena ho voalohany teo amin'ny fiainany. (Jereo ny Matio 26: 14-16 sy 27: 3 -5) "Nanana fitiavam-bola voajanahary mahery vaika i Jodasy... Nokolokoloiny ny fanahy ratsin’ny fitiavan-karena mandrapahatongan’izany ho hery manosika ny fiainany.

Tamin'ny fiangonana tany am-boalohany, Ananiasy sy Safira dia niezaka nanafina ny fitiavan-tenan’izy ireo amin'ny alalan'ny fametrahana fanomezana manokana ho an'ny fiangonana. Inona no vokany nampalahelo taorian'izay? (Vakio ny Asan'ny Apostoly 5: 1-11)

7. Ny apostoly Paoly dia nampirisika ny Kristianina mba hitafy ny toe-tsaina tsy misy fitiavan-tenan’i Kristy. Rehefa mamaky ny manaraka ianao, diniho ny dikan'ny hoe "naka ny endriky ny mpanompo."

“Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, …………fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;” (Filipiana 2: 5, 7.).

8: Jesosy nisarika ny sain'ny mpianany momba "ny sisa faran'ilay mpitondratena", mba hampianarany azy ireo sy hampianarany antsika ny foto-kevitry ny fitiavan-tena. Eritrereto ny fanatitr'ilay vehivavy sy ny dikan'izany ho azy, ho an'ny mpianatra sy ho an'i Jesosy. Avy eo farito ny dikan'izany ho anao.

"Ary Jesosy nanopy ny masony nahita ny mpanankarena mandatsa-drakitra tao amin'ny fandatsahan-drakitra; ary nahita mpitondratena malahelo anankiray koa mandatsaka farantsakely roa* teo Izy. Dia hoy Izy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra. Fa ireo rehetra ireo, dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao amin'ny rakitra; fa izy kosa tamin'ny fahantrany no nandatsahany ny fivelomany rehetra izay nananany." (Lioka 21: 1-4).

Ny dikan'ny farantsa farany ho an'ilay mpitondratena ……..
Ny dikany ho an'ny mpianatra …….
Nydikany ho an'Jesosy …….
Inona no tiany holazaina aminao?
Ny fitiavan-tena no fototry ny ratsy rehetra (Ed 226).

Arakaraky ny hamenoan'ny fitiavan'i Kristy ny fontsika sy hitantanany ny fiainantsika, dia ho resy ny fitsiriritana sy ny fitiavan-tena, ka dia ho fifaliana ho antsika ny hanao ny sitrapon 'i Kristy ... Ny fahasambarantsika dia hifanaraka amin'ny asa tsy misy fitiavan-tena ary ny fitiavan'i Kristy no anosika antsika amin'izany

Aminao, inona no dikan'ny hoe fanomezam-pahasoavana tsy misy tambiny avy amin'Andriamanitra? Inona no tianao ho anao? Inona no tianao atao?

**Fanoloran-tena sy vavaka :**